**NY FAHAZOANA ANTOKA NY FAMONJENA**

**Zava-kendrena:**

- Hatoky ny famonjena noraisiny izay rehetra efa nandray izany teo amin'ny fiainany

- Hanana antoka fa efa manana fiainana mandrakizay izay nino

**1- Ahoana no ilazana fa azo antoka ny famonjena avy amin'Andriamanitra?**

- Satria marina Andriamanitra amin'izay rehetra lazainy (Dt 32: 4).
- Azo antoka izay ambarany, tsy mbamandainga Izy (Nom 23: 19).

2- **Inona no ambaran'ny tenin'Andriamanitra ny amin'izany?**

- **Jn 3: 16** : Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zanany lahitokana, mba tsy ho

very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay.

- Azo antoka hoe izay mino an'I Jesoa dia tsy ho very ary manana ny fiainana mandrakizay.
- **1 Jn 5: 11-13** : Andriamanitra no manome ny fiainana mandrakizay. Ao amin'ny Zanany io. Amin'ny fotoana

izay hinoan'ny olona dia manomboka eo no manana fiainana mandrakizay izy. Andriamanitra no manome izany antoka izany.

- Hoy ny teny hoe "mba ho fantatrareo hoe manana fiainana mandrakizay ianareo" (and.13) = antoka

mazava no omen'Andriamanitra hoan'ireo izay nino fa izao sahady dia manana ny fiainana mandrakizay ireo.

- **Rom 5: 1** Manana fihavanana amin'Andriamanitra satria efa nohamarinin'Andriamanitra.
- **Rom 8: 1** Tsy misy fanamelohana intsony hoan'izay ao amin'ny Kristy Jesoa, izany hoe voavonjy.

**3- Inona no fiheveran-diso mety heverin'ny olona hoe hahavoavonjy azy?**

→ Mt 7: 21-22 Ny fanarahana fombafombam-pivavahana sy fanaovana asa fanompoana

→ 1 Kor 13: 3; Efes 2: 8-10 Ny fanaovana asa (asa soa, asa sôsialy), ny fanampiana ny sahirana

**4- Inona ny vokatry ny fahazoana antoka ny famonjena?**

- Gal 2: 20 Miaina ny fisiana ho an'Andriamanitra tanteraka. Mivelona amin'ny finoana an'I Jesoa Kristy.

- 1 Jn 1: 9 Raha sendra ka misy ota natao dia miaiky izany amin'Andriamanitra mba ho dioviny satria mankahala ota Izy.

- Rom 8: 38-39 Manana antoka tanteraka fa tsy misy amin'izao fiainana izao mety hahasaraka amin'ny fitiavan'I Kristy.

## NY FIHAONANA AMIN'ANDRIAMANITRA

Zava-kendrena:

- Ho resy lahatra fa tombony amin'ny maha zanaka ny fihaonana amin'Andriamanitra isanandro

- Hanampy amin'ny fifandraisana misimisy kokoa amin'Andriamanitra

**1- Inona no atao hoe fihaonana amin'Andriamanitra?**

- Ny fihaonana amin'Andriamanitra dia entina ilazana ny fifandraisana eo amin'ny mpino sy Andriamanitra.
- Satria ny baiboly dia tenin'Andriamanitra dia amin'ny alalan'io no iresahany amintsika.
- Amin'ny alalan'ny vavaka kosa no iresahantsika amin'Andriamanitra.

**2- Ahoana ny atao hoe mihaino an'Andriamanitra ? fa maninona no manao izany?**

- Mamaky ny teniny dia mandinika ary miaina arak'izay sitrapony mifanaraka amin'izany teny izany.
- Mihaino an'Andriamanitra isika satria : Ny teny rehetra avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara amin'ny asa tsara rehetra (2 Tim 3:16-17).

3- **Ahoana ny atao amin'izany fihainoana an'Andriamanitra izany?**

- Misafidy andalan-tsoratra masina vakiana. Tsara kokoa raha atao isaky ny boky ny fandinihana

ahazoana mamantatra ny tontolo ankapobeny ny boky sy hahamora ny fisafidianana ny ampahany ho dinihina. Vakiana in-droa na in-telo fara-fahakeliny. Fantarina ny tontolo manodidina ny ampahany izay novakiana.

- Ireto misy fanontaniana tsotsotra azo apetraka rehefa manao ny fandinihana:

Iza no hanoratana? Iza no mpanoratra? Inona no zavatra resahana eto? Inona no zavatra tian'ny mpanoratra nampita tamin'ireo nanoratana? Inona no ambarany momba an'Andriamanitra, Jesoa, ny Fanahy Masina, ny olombelona, ny mpino? Inona no azo tsoahina tamin'ny zavatra voaresaka teo? Inona no tian'Andriamanitra hampianarina, handresena lahatra, hanitsiana, hitaizana ahy amin'ny alalan'io teny io?

**4- Ahoana kosa no atao raha hivavaka?**

Ny vavaka dia firesahana amin'Andriamanitra. Tsy misy fombafomba manokana fa afaka resahanao Aminy ny zava-drehetra. Afaka midera Azy ianao amin'ny maha Izy AZY, afaka misaotra, mifona, mangataka. Afaka mangataka izay rehetra tiantsika Aminy isika fa araka ny Teniny dia mangataka arak'izay sitrapony (Jn 15:7). Izany hoe tsy tokony hivaona amin'izay fahamarinana ara-baiboly ny vavaka atao. Mifamatotra noho izany ny fandinihana ny Teniny sy ny firesahana Aminy. Rehefa mihaino Azy misimisy kokoa isika dia afaka mahafantatra izay sitrapony ary afaka miresaka kokoa Aminy hatrany. Tombony lehibe ho antsika ny afaka mifandray amin'ilay Andriamanitra nanao antsika sy tena mahalala antsika. Anjarantsika ny manokana fotoana isanandro hifandraisana Aminy.

# NY MAHA TENIN'ANDRIAMANITRA NY BAIBOLY

Zava-kendrena :

- Ho resy lahatra ny maha Tenin'Andriamanitra ny Baiboly

- Hanaiky ny maha fahefana mifehy ny fiainana sy ny fampianarana kristiana ny Baiboly

**1- Inona no atao hoe Baiboly?**

Ny teny hoe baiboly dia midika ihany koa hoe boky maromaro. Entina ilazana ireo fitambaram-boky sy taratasy izay mandrafitra ny Baiboly. Boky 66 no mandrafitra azy. Ny Testamenta taloha dia 39 ary ny Testamenta vaovao kosa dia 27. Misy karazam-boky maro ao aminy toy ny tantara, tononkalo, tononkira, faminaniana, fanoharana, epistily.

**2- Ahoana no ilazana fa Tenin'Andriamanitra ny Baiboly?**

**Porofo ivelany:**

- Ny baiboly no boky miparitaka be indrindra eran-tany
- Ny faminaniana ao amin'ny baiboly dia voamarina ara-tantara ny fahatanterahany
- Maro ny fanenjehana nihatra tamin'ny Baiboly mba hanafoanana azy fa vao maika aza niely izy

**Porofo anatiny:**

- Avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra no nanoratana ny Baiboly (2 Tim 3: 16). Izany hoe Andriamanitra mihitsy no nitarika tamin'ny fanoratan'ireo mpanoratra maro samihafa tamin'ny fanoratany ny boky sy ny taratasy tsirairay, mba hampitana ny sitrapony na dia olona samihafa aza izy ireo.
- Tamin'ny alalan'ny Fanahiny Andriamanitra no nampanoratra ny Baiboly (2 Pet 1: 22)
- Tanteraka ireo faminaniana izay voalaza na ao amin'ny Testamenta taloha na testamenta vaovao.

Oh: ny nahaterahan'I Jeso (Mika; Lioka)

- Tsy misy fifanoherany ny zavatra voalaza ao anatiny fa kosa ary tena mifameno.

**3- Midika inona amin'ny fiainako ny filazana fa tenin'Andriamanitra ny Baiboly?**

- Ny filazana hoe tenin'Andriamanitra ny Baiboly dia midika fa Andriamanitra no miteny amin'ny alalan'izay voarakitra ao anatiny. Ny fanekena izay voalazan'ny Baiboly ho fahamarinana dia fanekena izay ambaran'Andriamanitra. Ny maha tenin'Andriamanitra ny Baiboly no mahatonga azy ho fahefana mifehy ny fiainan'ny zanak'Andriamanitra rehetra sy mahatonga ny fampianarana tsy maintsy hampifanarahana amin'izay voalaza ao. Ny maha tenin'Andriamanitra ny Baiboly no antony hanekena fa tsy misy famonjena afa-tsy amin'ny alalan'ny finoana an'I Jesoa Kristy irery ihany.

- Ny famakianao, ny fandinihanao, ny fihainoanao ny Tenin'Andriamanitra dia midika hoe mihaino sy mandray izay ambaran'Andriamanitra ianao.

Hoy ny mpanao Salamo hoe: "Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny lalako ny Teninao". Salamo 119: 105

# Ahoana ary?


Anisan'ny tombontsoa lehibe omen'Andriamanitra ho an'ny mino ny **fahazoana antoka tanteraka ny fananana fiainana mandrakizay dieny ety**. Izay mibebaka marina sy nanaiky ny famonjena nataon'I Jesoa Kristy no lazaina fa olona mino sy ondriny eto (Jaona 10:27). Tsy misy tokony hisalasalana tokoa ny amin'izany antoka omeny izany.

> «Izany no nosoratako aminareo, izay mino ny anaran'ny Zanak' Andriamanitra, mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay ianareo».
> 1 Jaona 5:13



Ary fanampin'izany dia Andriamanitra mihitsy no miaro izay ondriny ary tena azo antoka fa tsy hisy haharombaka azy ireo (Jaona 10 :29). Ny fahalalana izany fahamarinana ara-baiboly izany dia miaro anao izay mino amin'ny fampianaran-diso sy ireo fakam-panahy maro ary koa tokony hanosika anao hitory ny famonjena amin'ny hafa.

# Fy Tarika 04 Ny fahazoana antoka ny famonjena



Ny fikarakarana ataon'ny ray aman-dreny ve :

# Miankina amin'ny fanahian'ny zaza ?
# Sa miankina amin'ny ray aman-dreniny?

**Valiny** : "Miankina amin'ny ray aman-dreniny",

fa afaka manome teny fampanantenana ny ray aman-dreny raha manahy ny zanany.

Union des Groupes Bibliques de Madagascar

LABO DE FORMATION

## JAONA 10:25-30

**Odidina** : Vakio ny Jaona 10:22-24

1-Arak'io Tenin'Andriamanitra io (Jaona 10:25-30), inona no omen'I Jesoa Kristy ny ondriny?

2-Iza ireo olona raisin'I Jesoa Kristy ho ondriny ireo?

3-Inona avy ireo tombony manokana azon'ny ondrin' I Jesoa eto?

4-Nahoana no afaka manana antoka fa tsy ho very mandrakizay ireo ondriny ireo?



## I JAONA 5: 10-13

**Odidina :** Jaona nanoratra ny Filazantsara ihany no nanoratra azy ity. Nisy fampianaran-diso niely ny amin'ny fandavana ny maha Andriamanitra an'I Jesoa Kristy teo amin'ireto kristiana nanoratany ireto. Porofoin'i Jaona ato anatin'ny Boky, noho izany, ny maha Andriamanitra feno sy ny maha olona feno an'I Jesoa Kristy.

1-Iza avy ireo karazan'olona voalaza eto? Ary inona no mahasamihafa azy ireo?

2-Ny matoanteny "manana" ampiasaina ao amin'ny andininy 12 dia midika fa: (Mariho ny valiny marina)

- ☐ Tsy mbola fantatry ny olona mino iray na ho any an-danitra izy na tsia
- ☐ Amin'ny fotoana hinoany dia manana antoka tanteraka sahady ny olona iray fa ho any an-danitra
- ☐ Miankina amin'Andriamanitra izany ka amin'ny ho avy mihitsy vao fantatra

### Fanampiny:

Misy andalan-tSoratra Masina hafa ve tatidinao mety mifanaraka amin'ity lohahevitra ity? Soraty eto ny toko sy ny andininy.

Misy fanontaniana manitikitika anao ve rehefa avy nahavita ity lohahevitra ity? Raiketo an-tsoratra eto ambany.

# Ahoana ary?


NY VAVAKA DIA FIFANDRAISAN NY KRISTIANA AMIN ANDRIAMANITRA RAINY.



Arak'izany dia tsy fombafomba na fahazarana ny fanaovana izany fa fiainana.

**Tsy voafetran'ny fotoana na ny zava-misy** fa amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra ary amin'ny zava-misy rehetra atrehana dia antsoina hivavaka ny kristiana. Ny fananana izany fiainam-bavaka izany dia mampitoetra ny fiadanam-po ao anaty mandrakariva.

# Fy Tarika 05 Ny Vavaka




Malaza ankehitriny ity fitenenana ity:

NY VAVAKA NO MANOVA ZAVATRA

# Sao dia mba Andriamanitra no manova?
# Fa ahoana nefa aloha izany "vavaka" e ?


Union des Groupes Bibliques de Madagascar

LABO DE FORMATION

## MATIO 6 : 5-8

**Odidina** : Ity teny ity dia ampahany amin'ny toriteny nataon'i Jesoa teny an-tendrombohitra (Matio 5, 6, 7).

### Teny sarotra

*"Teny maro foana"* : teny miverimberina izay heverin'ny olona fa araka ny habetsany sy ny famerimberenana azy no ahazoana sitraka amin'Andriamanitra.

1-Inona ny ampitadreman'I Jesoa ny mpianatra eto rehefa mivavaka? Nahoana?

2-Inona kosa no ampirisihany azy ireo rehefa mivavaka? Nahoana?

3-Amin'iza no asain'I Jesoa Kristy mivavaka ny mpianatra eto?

4-Arak'izany, ahoana ary no tokony ho endri-pifandraisana misy eo aminao sy Andriamanitra rehefa mivavaka?

## EFESIANA 6:18-20

**Odidina** : Mahakasika ny fitaovam-piadiana ara-panahy no resahan'I Paoly eto amin'ity toko faha 6 ity. Ambarany fa miatrika ady mandrakariva ny kristiana ka mila mitafy mandrakariva ireo fitaovana ireo. Manana ny toerany ao anatin'izany ny vavaka.

1-Amin'ny fotoana inona no asain'ity Tenin'Andriamanitra ity mivavaka ny kristiana?

2-Ahoana no fahazoanao izany "mandrakariva" izany?

3-Toe-po manao ahoana no tokony ananana ao anatin'ny fiainam-bavaka?

4-Ho an'iza no anaovana ny fangatahana eto?

5-Ahoana ary ny fomba hikolokoloanao ny fiainam-bavakao amin'ny fotoana rehetra?

## FILIPIANA 4:6-7

**Odidina** : Tany am-pigadrana I Paoly no nanoratra ity epistily ity ho an'ny kristiana tany Filipia ho fampitandremana azy ireo ny amin'ny mpampianatra sandoka sy fampaherezana azy ireo mba hahay hifaly amin'ny toe-javatra rehetra atrehina.

1-Manoloana ny toe-javatra maro samihafa mampanahy antsika, inona no amporisihan'I Paoly atao?

2-Inona ny vokatry ny fanaovana izany eo amin'ny fiainantsika araka ny voasoratra eto?

3-Inona ary ny fanamby raisinao manombok'izao manoloana ireo zavatra maro mampanahy anao rehetra?

**Fanampiny:**

Misy andalan-tSoratra Masina hafa ve tatidinao mety mifanaraka amin'ity lohahevitra ity? Soraty eto ny toko sy ny andininy.

Misy fanontaniana manitikitika anao ve rehefa avy nahavita ity lohahevitra ity? Raiketo an-tsoratra eto ambany.

## Ahoana ary?

Isan'ny toe-po andrasan'Andriamanitra aminao ny fanananao zotom-po amin'ny fandraisana sy ny fandinihana ny Soratra Masina. Azonao atao ny mangataka izany amin' Andriamanitra raha toa ka tsy mbola manana izany ianao. Fa na efa manana ihany koa aza dia tena ilaina ny maharitra amin' izany satria **ny Tenin'Andriamanitra** dia

"mahasoa koa :
# ho fampianarana,
# ho fandresen-dahatra,
# ho fanitsiana izay diso,
# ho fitaizana amin'ny fahamarinana,

mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona ho amin'ny asa tsara rehetra"
2 Timoty 3:16-17



Faly Andriamanitra rehefa mitandrina ny didiny ianao fa izany no hanambinany anao amin' izay rehetra alehanao sy handavorariany ny làlanao.


Fy Tarika

# 07 Fandinihana Soratra Masina

" Afaka mamaky Baiboly ianao, ary tokony ...
Fa raha tsy dinihinao sy saininao izay voalaza dia tsy hisy fiantraikany aminao velively.

Makà fotoana,
diniho ny Soratra Masina,
fa hanova anao izany. "

Gail Davis



Union des Groupes Bibliques de Madagascar

UGBM

LABO DE FORMATION

## ASAN NY APOSTOLY 17: 10-11

**Odidina** : I Lioka no nanoratra ny bokin'ny Asan'ny Apostoly. Mirakitra ny asa fitoriana nataon'ny mpianatra ny boky. Eto i Paoly dia mitory ny Filazantsara hoan'ny mponina tao Beria.

1-Inona no nataon'i Paoly sy Silasy tao amin'ny synagogan'ny Jiosy?

2-Nanao ahoana ny toe-pon'ireo olona tao Beria rehefa nandre ny amin'ny Tenin'Andriamanitra izy ireo?

3-Raha izany ary ny toe-pon'ireo olona tao Beria, mba manao ahoana kosa ny aminao?

4-Inona no ataonao manombok'izao mba hanananao toe-po tahak'izany koa?

## II TIMOTY 3: 14-17

**Odidina :** Taratasy izay nosoratan'i Paoly ho an'i Timoty, izay zanany ara-panahy, ny boky.

1-Avy aiza ny Soratra Masina ary inona no asany eo amin'ny fiainan'ny olona?

2-Inona ny vokatr'izany eo amin'ny fiainan'ny kristiana araka ny andininy faha 17?

3-Ahoana no fahazoanao ny hafatra tian'i Paoly hambara eo amin'ny andininy faha 14?



## JOSOA 1: 1-9

**Odidina :** Josoa no nanoratra ny boky. Izy dia olona nantsoin'Andriamanitra hitarika ny Zanak' Israely nandimby an'i Mosesy. Teny fampaherezana azy teo ampanombohany ny asa nanirahana azy ny andinin-tSoratra Masina dinihina eto.

1-Inona no andrasan'Andriamanitra amin'i Josoa manoloana ny Teniny eto?

2-Inona no fampanantenana ataon'Andriamanitra an'i Josoa eto raha mankato ny Teniny izy?

3-Midika inona ilay hoe: "misaintsaina andro aman'alina ny Tenin'Andriamanitra"? Ahoana no ampiaranao izany raha ianao manokana?

**Fanampiny:**

Misy andalan-tSoratra Masina hafa ve tatidinao mety mifanaraka amin'ity lohahevitra ity? Soraty eto ny toko sy ny andininy.

Misy fanontaniana manitikitika anao ve rehefa avy nahavita ity lohahevitra ity? Raiketo an-tsoratra eto ambany.